INO MALAZA
ATD QUART MONDE MADAGASCAR
N°007 – 17 mars 2015 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

MATOAN-DAHATSORATRA

Amin'izao taon-jôbily ankalazana ny faha-25 taona niorenan'ny Fikambanana ATD Quart Monde eto Madagasikara izao, dia eo an-dalam-piomanana amin'ny fametrahana tsangambato eto Antananarivo miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka ny Fikambanana. Araka ny hevitry ny mpikambana, io tsangambato io dia sady ho fanomezam-boninahitra ireo rehetra maty noho ny herisetran'ny fahantrana lalina no toerana fahatsiarovana, ivondronana, ifandraisana, handraisana fitenenana sy hanaovana antso avo amin'ny tsy maha-rariny izany fahantrana lalina izany ihany koa, amin'ny fananan'ny fianakaviana sahirana herim-po sy ny fanoherany isan'andro. io fahantrana lalina io. Enga anie isika tsirairay avy mba samy hahita hafaliana sy fiadanam-po mandritra ity taona 2015 ity. Mirary taom-baovao zina ho antsika rehetra.

Ny Filohan'ny Filan-kevi-Pitantanana sy ny Ekipa Nasiônalin'ny ATD Quart Monde Madagasikara

FIFAMPIARAHABAN'NY ANKIZY TRATRY NY TAONA: HO FANAMAFISANA NY FINAMANANA SY NY FIRAISAN-KINA:

TAPORI Antohomadinika

Ny an'ny TAPORI Antohomadinika dia natao tao amin'ny tranom-boky ny Asabotsy 31 Janoary ny fifampiarahabana. Niavaka kely ny fety tamin'ity taona ity, satria nirotsaka tamin'ny fanomanana ireo ray aman-dreny. Hoy indrindra ity renim-pianakaviana iray: ***"Manolo-tena hanamboatra ranomboankazo ho an'ny ankizintsika aho, satria mahatsiaro ho manana adidy amin'ny fizarana hafaliana amin'izy ireo".*** Dihy sy hira no nandravaka ny fotoana tamin'izany.

TAPORI Andramiarana

Ny an'Andramiarana kosa dia ny Asabotsy 7 Febroary 2015 maraina teny amin'ny tranon'ny Fikambanana teny Ambohibao no nanatanterahana izany. Nanararaotra nilalao teo amin'ny zaridaina, nandihy sy nijery sary miaina ary horonan-tsarin'ny "one minute vidéo 2014" izy ireo ka faly ery. Hoy ity ankizy vavy iray raha nilaza ny tao am-pony ny amin'ny hoaviny : ***Tsy maintsy mianatra tsara aho mba handreseko ny fahantrana, hananako hoavy mamirapiratra".***

"MANAN-TOMPO NY TRANO "QUART MONDE"

Anisan'ny zava-dehibe ho an'ireo mpikambana ny fahafahana mampihaingo ny tranon'ny Fikambanana. Ny fividianana sy fanjaraina ary fametahana lambam-baravarana sy lambam-baravarankely no nisantarana izany fanaingoana izany. Solontena 6 avy amin'ny fianakaviana (4 Antohomadinika, 2 Andramiarana), 2 ny namana mpiara-dia ary mpirotsaka an-tsitrapo vitsivitsy no nanao ny asa. Noho ny fisian'ny fahasamihafana dia somary nanahirana kely ny fandraisana fanapahan-kevitra satria samy te haneho ny kantony ny tsirairay. Na dia teo aza anefa izany, dia zava-dehibe ny fahitana fifanarahana. Ampitiavana tokoa no nanatanterahana ny asa, hany ka lasa fahafinaretan'ny maso ny fahitana ireo zava-bita. Hoy ity vehivavy iray: ***"ny mahafinaritra ahy dia ny fahafahako maneho ny tsara indrindra ato amiko, eny fa na dia sahirana aza aho dia mbola misy ihany azoko zaraina hanome hafaliana ny hafa".***

Mpandravaka ny trano Quart Monde

Tsy tsaroana intsony ny havizanana. Ny tanjona dia ny hahatsapan'ny tsirairay fa ho an'ny rehetra ny tranon'ny Fikambanana

VAOVAON'NY MMM

Nangotrakotraka ny fanomanana ny Varavarana misokatry ny MMM ny 17 Febroary 2015. Olona anjatony no noraisina tamin'izany dia ireo mpiofana amin'ny asa tanana teo aloha sy ny fianakaviany, ny solontenana ONG, ny andrim-panjakana isan-tokony ary ny mponina eo amin'ny Fokontany misy ny MMM. Io varavarana misokatra io dia tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny taon-jôbily faha-25 taona niorenan'ny Fikambanana ATD Quart Monde teto Madagasikara. Nanao fijoroana vavolombelona ireo mpiofana andiany I sy II. Hoy ity lehilahy iray: ***"Ny fandalovako tao amin'ny MMM, no nahatsapako fa afaka mamelona ny fianakaviako mitovy amin'ireo lehilahy rehetra aho. Miverina amiko indray ny hasina maha-olona ahy eo anivon'ny fiaraha-monina satria manana anton'asa aho".***

Anjatony ny mpitsidikaa ny varotra fampisehoana

Andriamatoa RAROJOSON Hery Manantsoa[1], no namarana ny fifandimbiasam-pitenenana tamin'ny kabary nataony nankahery sy nanome torohevitra ireo mpiofana mikasika ny asa tena. Rehefa izany dia nitsidika ny toeram-piasana sy ny varotra fampirantiana ny rehetra.

Fivoahan'ny andiany faha-2 tao amin'ny MMM

Ny 27 Febroary àry no nivoaka ireo mpiofana andiany faha-2 tao amin'ny MMM taorian'ny nandehanan'izy 8 mirahalahy mpiofana amin'ny tefy vy fotsy ny volana Desambra 2014. **Alohan'ny handraisana mpiofana vaovao ao amin'ny MMM dia hanokana enim-bolana aloha ry zareo ao hanombanana tsara ny natao nandritra ny 4 taona**. Na ny mpiofana 48 na ny mpampiofana 10 dia samy voakasik'izany. Hikaroka ny hetahetan'ny olona tena sahirana sy handinika miaraka amin'ireo Fikambanana hafa mitovitovy tarigetra amin'ny MMM mbamin'ny andrim-pitondrana ihany koa izy ireo mba hampifanarahana ny tetikasa amin'ny zava-misy ara-toekarena eto amin'ny firenena.

[1] ***Talen'ny Famahoahana ny Asa tanana ao amin'ny Ministeran'ny Asa tanana sy ny Kolontsaina ary ny Vakoka***

Georgette mpanentana sy ny tanora

Mitohy ny tantaran'ny firotsahan'ny tanora sy ny mpanentana azy. Araka izany dia efa eo am-pamaranana ny firotsahany hamantatra lalindalina kokoa ny Fikambanana i Georgette. Tapitra amin'ity faran'ny volana Marsa ity ny fandalinana nataony ka hoy indrindra izy: ***"Fotoana nahafahako nihosina bebe kokoa tamin'ny tanora sy nampisokatra ahy ary nahalalako ny Fikambanana misimisy kokoa ka nahafahako nizara ny talentako io fiarahako tamin'ny tanora io".***

Tanora 6 ihany koa no nanolo-tena hitarika ny tanora eo amin'ny kartie misy azy: ka 3 ny an'Antohomadinika : Steeve, Jocelyne, Naina ; 3 koa ny an'Andramiarana : Nivo, Ruphin, Safidy. Hirotsaka amin'ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina eo amin'ny kartie niaviany sy ny fiaraha-mihosina amin'ireo tena sahirana ry zareo. Fantany manko fa ny fiarahana amin'izy ireo no hahafahana mampiditra ny olon-drehetra amin'izay rehetra atao.

RANDRIANALIMANANA David [2] , ihany koa dia nanolo-tena hampianatra teny frantsay ny tanora eny Andramiarana. Nanomboka ny 7 Febroary 2015 izany ka isaky ny Asabotsy hariva amin'ny 2 ora tolakandro ny fampianarana. Eo amin'ny 35 eo ho eo ny isan'ny mpianatra. ***"Nirotsaka aho, hoy izy, satria sady famerenana sy fahaizana ho ahy io no ahafahako manampy sy mampita fahaizana ho an'ny hafa".***

Tanora manadio lakan-drano

Ankoatra an'ireo dia efa nisy vinavinan-tetikasan'ny tanora hanatsara ny kartie ho azo iainana kokoa sy hiadiana maharitra amin'ny tondra-drano ka **hohatsaraina ny lakan-drano** anelanelan-trano rehetra ao Antohomadinika mba ho afa-miaina am-pahamendrehana ny fianakaviana.

Tanora manadio lakan-drano anelanelan-trano

Noho ny fianakaviana **miaina anaty ranom-potaka vokatry ny tondra-drano** anefa amin'izao fotoana izao, dia **nirotsaka nanadio avy hatrany ny tanora nanomboka ny 6 Marsa 2015** ary mitohy isan-kerinandro izany. Io asa io dia iarahany amin'ny Fokontany, ny RF2 ary ireo mpiara-miombon'antoka hafa. Amin'ny maha-fefiloha an'Andramiarana kosa dia voatery miandry ny fidinan'ny rano eny ry zareo.

[2] ***RANDRIANALIMANANA David mpianatra teny rosianina taona faha-2 eny amin'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony***

VAOVAN'NY MPIROTSAKA AN-TSITRAPO

Tonga teto Madagasikara ny 2 Janoary i Guillaume AMOROTTI, tanora frantsay mpirotsaka an-tsitrapo. Tany Noisy-le-Grand any Frantsa izy no niasa teo aloha. Miara-miasa amin'i Prisca RANDRIANARINDRIANA amin'ny fanentanana ny ankizy izy amin'izao. Mandrindra ny fampiofanana ireo mpanentana ny ankizy izy ireo ary mampamaky boky an-kalamanjana any Andramiarana sy manentana ny TAPORI any Antohomadinika.

Guillaume AMOROTTI

VAOVAON'NY FARITANY

FIVORIANA FAMPAHAFANTARANA NY FIKAMBANANA ATD QUART MONDE TOLIARA

Tahirin-tsarim-pivoriana Toliara

Tao anatin'ny fivoriana natao ho fampahafantarana ny Fikambanana ny 29 Janoary 2015 no nisy mpivory iray nifampizara trangan-javatra hitany tany amin'ny fiaraha-monina tany: olona roa, ny iray tena sahirana ary ny iray manana ny ampy. Noesoin'ilay manana ny ampy ilay mahantra ka namaly hoe :"omeo aho hanadiovako ny tenako" ary niverimberina izany. Taty aoriana anefa, dia nivadika ho fifanakalozan-kevitra ilay fifanesoana, ka niafara tamin'ny fahatsapan'ilay manana ny ampy fa hay manana harena tsy hita maso ity olona mahantra esoiny lava, satria manan-talenta sy traikefa io olona mahantra esoiny io. Nanomboka teo, dia nisy fiovam-pijery sy fiovan-toe-tsaina teo amin'izy roa tonta. Velona ny fifanakalozan-kevitra. Nony tapitra ny fifampizaràna dia nohazavaina indray ny mikasika ny firotsahana iombonana 2013-2017 handraisan'ny namana mpiara-dia andraikitra . Noraiketina tamin'io fivoriana io àry fa hasiana fivorian'ny namana mpiara-dia isaky ny zoma faran'ny volana.

VAOVAO IRAISAM-PIRENENA

ANDRIAMATOA CASSAM UTEEM: FILOHA VAOVAON'NY FILAN-KEVI-PITANTANAN'NY FIKAMBANANA ATD QUART MONDE MANERAN-TANY

Andriamatoa **Cassam Uteem** dia **Filoham-pirenena tany Maurice** teo anelanelan'ny **taona 1992 sy 2002**. Efa hatry ny ela izy no naman'ny Fikambanana ATD Quart Monde. Izy no Filoham-pirenena am-perin'asa voalohany nangataka tamin'ny Firenena Mikambana ny hanaovana ho Andro Iraisam-pirenena ny 17 Oktôbra. Hoy izy, raha nandray fitenenana tamin'izao fahalaniany ho **Filoha** izao :" ***Tena nanohina ny foko ny fitiavana asehonareo sy ny fitokisanareo ahy (…). Tsy hiamboho ny andraikitra ankinina amiko, izay heveriko ho adidy masina aho, dia ny hampandroso lavitra sy haingana, araka izay azo atao, ny tanjon'ny Fikambanana, indrindra indrindra ny fampihemorana ny fahantrana mbamin'ny fanajana ny hasina maha-olona sy ny Zo maha-olombelona ny mahantra eran-tany"***

Cassam Uteem